

Associés n'ny Sœurs du Christ, miankina amin'ny kôminôte Amparibe Accueil

Fandraisana anjara amin'ny fanomanana ny Fihaonambe Faratampony

Rehefa nadray ny taratasy avy amin'i masera Emérentienne RAMORAVELO, Lehibe Jeneralin'i Sœurs du Christ, dia dodona ireo ireo mpikambana Associés aux Sœurs du Christ hihaona, hifanakalo hevitra amin'ireo tahirin-kevitre ho fanomanana ny fihaonambe faratampony. Daty roa no noraketina dia (ny 21 jiona sy ny 4 oktôbra 2020). Tsy fotoan-dehibe ifampizarana sy fiverenana an-doharano ihany fa fotoana hahafan'ny tsirairay mahatsapa fa mpikambana voaantso « handroso amin'ny lalina » (Lk 5,4)



Ny 4 oktôbra no daty ihany koa nankalazanay miaraka tamin-dry masera ny faha 20 taona nijoroan'ny associés.



20 taona nijoroan'ny Associés aux sœurs du Christ

Sorona Masina no notarihin'i Mompera Marc RAVELONANTOANDRO no nanamarihana ny tsingerin-taona, notronin'i diakra Angelos, izay samy mpikambana ao amin'ny associés izy ireo, niaraka tamin'ny associés 24 hafa.



Masera Marianne RAHARISOA Provinsialy, ny masera kominôten'Amparibe, ny nôvisy sy ireo krisitianina mpamonjy Sorona Masina ao amin'ny Lasapely Providence dia nanome voninahitra io fankalazana io ihany koa.

Nandritra ny Sorona Masina, mpikambana iray ao amin'ny associés nampahafantatra ary nana-songadina indrindra ny ny fiainana ara-panahy (fitsaohana Masina, fifampizarana Evanjely, fihatahana masina, matsom-panahy, fivavahana mifampitohy). Miezaka miaina ny tarigetrantsika : « Mampivondrona, Mampiray, Mampihavana ». Nanaraotra ihany koa izahay niala sasatra tany amoron-dranomasina, fankalazana ny tsingerin-taona sady fitsangatsanganana. Mifankahery izahay amin'ny famangiana izay marary sy izay manampahoriana. Mba hahafahanay miatrika ireo filàna isan-karazany dia manao latsakemboka isan-taona izahay, manao vokatra, mivarotra mofomamy na sôkôla indraindray.



Sakafon'ny mpianakavy niaraka tamin'ny mofomamin'ny tsingerin-taona no namaranana ny fankalazana.

Ny 31 oktôbra lasa reo, ny diakra iray mpikambana ato amin'ny associés no nohamasinina Pretra. Sorona Masina fisaorana an'Andriamanitra no natao ny Alahady 29 Nôvambra 2020 tao amin'ny Lasapely Providence Amparibe. Fihatahana masina mikasika ny fahanginana no nialoha ny Sorona Masina. Mpikamban'ny associés teo amin'ny telopolo niampy masera vitsivitsy avy amin'ny kôminôte roa eto Amparibe no nahazo izany tamin'ny Alahady voalohany amin'ny fiavian'ny Tompo.

